

Mifandraisa foana Aminy

Kamlesh D. Patel
Kabary tao arianan' ny Satsang Alahady
29 Marsa 2015, Chennai, India

Miarahaba antsika,

Ny Mpampianantsika tiana dia nanaiky ny fankalazana telo ao anatin'ny taona: ny fitsingerintaonan'i Pujya Lalaji Maharaj, Babuji Maharaj ary ny Mpampianantsika. Ao am-potsika dia vonona daholo isika ny hankalaza izany fotoana izany, fa noho ny antony maro samy hafa dia mety tsy afaka isika. Tsy tokony hanamelo-tena isika satria tsy afaka hanatrika satsang amin'ireo fankalazana ireo. Hankalazao ao an-tranonao raha afaka ianao. Raha tsy afaka hanatrika ianao, azafady aza malahelo ny fonao. Ny fonao dia mety tsara izao. Aza sombaina izy satria nandà ny hanatrehanao izany ny vadinao, na ny ray aman-dreninao mandà ny andehananao, na ny toe-bolanao na ny manodidina anao. N'non'nona antony, azafady, aza manery tena ianao. Tsy afaka hanatrika ny bhandaras rehetra ny olona rehetra.

Azontsika asaina ny Mpampianatra n'aiza n'aiza no misy antsika, raha toa ka avelantsika ny fantsika ka miteny hoe, "Ry Mpampianatra tiako, azafady, tsy hiteny aho hoe ratsy be ny manjo ahy, fa aoka hankalaza izany eto sy izao." Ho avy eo ny Mpampianatra amin'ny heriny rehetra rehefa mangataka izany ny fantsika, mitalaho azy. Noho izany dia tokony hanomana ny fantsika isika hifantoka ny iray Aminy, na amin'ny bhandara ity na bhandara hafa, satria tanjona kely no tratra amin'izany. Fikasana tena kely izany. Ny idealintsika dia tokony mitoetra mifandray amin'ireo Mpampianantsika ireo isika mandrakariva. Aotrany rehefa manao meditation ny maraina dia tonga dia milentika ao anaty meditation isika mandritry ny andro manontolo – izany no antsoina hoe mitoetra ao anaty meditation foana – , noho izany dia azo atao intelo isan-kerintaona ny bhandaras (fivoriambe fihaonana), kanefa ny fankalazana dia tsy maintsy atao. Izany no midika fa mitoetra feno fankasitrahana ny Mpampianatra isika satria avelany isika hitondra ny fiainantsika arak' izay tiantsika hitondrana azy. Ary noho izany, dia tsy mitsahatra mankasitraka isika.

Ny Sahaj Marg dia manana traikefa ambony dia ambony – tsy tokony hiandry ny Tontolo Mamiratra isika ao ariana ny fahafatesana. Tsy ny tontolo fizika, satria faritra voafetra fotsiny io, ary azontsika foronina aminy alalan'ny fantsika ary azontsika tsapaina amin'ny fantsika izany. Ny toetra tsara dia tsy tokony hisy fahasamihafana ny amin'ity tontolo iainana ity sy ny tontolo iainana ery. Hamerina ny tenin'I Babuji aho ao anatin'ny "autobiographie", izay miteny azy i Lalaji hoe, " navelako ny Tontolo Mamiratra ho anao". Ny fonao dia lasa ho foko. Noho izany dia tsy hiverina any aminy Tontolo Mamiratra aho." Evero ange ny fahatsarany ny ao anatin'ny fony izay navelan'i Babuji. Ary dia nanome toky izy sy nanao velirano, fa afaka mamorona ambaratonga toy izao isika ka ny herimpontsika dia ho lasa io Tontolo Mamiratra io eto sy izao. Noho izany dia isan'andro dia fankalazana foana.

Manainga antsika rehetra aho mba hiomana arak'izany. Ny fanampian'ny Mpampianatra dia eo foana, arak'izay voalazako matetika. Tsy

mitsahatra mangataka isika, “ry Mpampianatrô , ry Mpampianatrô , tahio aho. Tahio aho amin’ity, tahio aho amin’ izato.” Ajanony izany fitalahoana mampaloiloy izany. Miangavia zavatra lehibe kokoa, izay rehefa azo io dia tsy mila zavatra hafa intsony isika aminy fiainana.

Ny momban’ny bhandaras indray, amin’ ity indray mitoraka indray isika dia hankalaza ny fitsingerenan’ny taonan’i Babuji Maharaj any Lucknow. Nandritry ny taona maro dia hita fa mahavita zavatra betsaka ny olona mandritry ny bhandaras. *Business* maro no vita, fiaraha miasa no noretetana, ary ny maro amintsika dia mitangorona ao amin’ny cottage n’i Mpampianatra toy eo ihany no toerana azahoana ny fahasoavana sy ny *transmission*. Ary ao anatin’io zavatra rehetra io dia aotrany manompa ny Mpampianatra rehetra isika: “ tsy afaka mankany aho, tsy afaka mandray transmission aho. Ho an’ny olona manambintana ihany io. ” Tsy misy olona manana tombotsoa manokana ato aminy Misiona. Milahatra aloha izy, dia avy eo ataony izay hidirany ao aminy salon, na ao aminy trano fandriana. Fa averiko matetika, ra toa ka mifandray soroka amin’ny Mpampianatra aza ianao dia tsy hahatomombana izay tena izy ianao ra tsy tena vonona ny fonao. Ary ra vonona ny fonao, dia ho azonao io na any aminy faritra mirefy kilometatra aman’hetsiny aza no mampisaraka anao aminy.

Azafady, ampiasao ireo bhandaras ireo ho fanararaotana ny hiditra lalindalina kokoa, tafalentika ao anatin’ny Fahatsiarovany ampiany fitiavana feno ary milona ao anatin’ny fiarahana Aminy. Izay no manery anareo aingana. Aza sombaina ireo bhandaras ireo hidinana any aminy cottage n’i Mpampianatra mba hanantanteraka tanjona kely aminy fiainana.

Miasotra an’ny rehetra.